

# NY FAMOKARANA ZANA-TRONDRO KARPA AN-TANIMBARY



## FITAOVANA

## ENTI-MAMPIOFANA



Mis en œuvre par



# NY FAMOKARANA ZANA-TRONDRO KARPA AN-TANIMBARY



## Ireo Dingam- Pamokarana

Tsy misy trondro hohalehibeazina sy hohanina raha tsy misy ny zana-trondro. Noho izany dia miainga amin'ny fifehezana ny teknika ny fahalavorarian'ny vokatra. Omena antsika etoana ireo dingam-pamokarana ilaina amin'izany mba hahafa-po ny vokatra ho anao mpamokatra azy sy ny mpanatavy ary ny mpihinana.



**1**  
Fanomanana ny dobo fitahirizana



**2**  
Fanavahana ny lahy sy ny vavy



**3**  
Fisafidianana ireo ray sy renintrondro



**4**  
Fanomanana ny dobo fampanatodizana



**5**  
Fampanatodizana



**6**  
Famindrana na ny atody na ny zana-trondro



**7**  
Sakafo sy fahavalo



**8**  
Fanamasahana



**9**  
Fitaovana fikirakirana zana-trondro sy trondro

Novokarin'ny tetikasa PADM Sampan'asa A na hoe Tetikasa ho an'ny fampaharetana ny fiompiana anaty rano eto Madagasikara, miara-miasa amin'ny Ministera misahana ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono (MAEP) ity tahirin-kevitra ity.

Tsy hovoafintina ato daholo anefa ny fahaizamanao rehetra manodidina ny famokarana zana-trondro ka aza misalasala manatona ny APDRA, SRPA, CSA na ireo mpamokatra zana-trondro manana ny traikefa izay hanampy anao hahafehy miandalana zany.



## Fifandraisana

APDRA


Lot 1118 C 25 La Résidence Sociale  
Mahazoarivo Nord Antsirabe 110

Tel : 020 44 489 89

[www.apdra.org](http://www.apdra.org)








## 1. FANOMANANA NY DOBO FITAHIRIZANA

➤ Avahana sy sarahana dobo ny lahy sy ny vavy dieny vao manomboka ny ririnina mandrapahatongan'ny fotoanan'ny fampanatodizana



➤ Tsy mifandray rano izy ireo, madio tsy misy bozaka mba ialàna amin'ny fanatodizana tsy voafehy




➤ Toerana malalaka farafahakeliny 10m2 ho an'ny vavy 1kg

➤ Atao anaty rano trondro, tsara kokoa raha miainga avy amin'ny loharano

➤ Vao avy manatody ny renintrondro mandrapanatodiny manaraka indray dia fahanana sakafo mitondra hery fanorenana hatrany izy halalavory ny atody

## 2. FANAHAHANA NY LAHY SY VAVY




**Ny lahiny :**  
 ➤ Milanja farafahakeliny 300g ary feno 8 volana ka hatramin'ny 2 na 3 taona  
 ➤ Mivoaka tsiranoka fotsy rehefa orina ny kibony tsy tahaka ny vavy



Renintrondro lanjaina

**Matoy sy vonona hanatody ny reniny rehefa :**

- Feno 2 taona izy
  - Mibontsina sy malemitemy ary mipoitra ny lalan-dràn'ny kibony
  - Mena sy mivohitra ny fivaviany
  - Miha-mahery fihetsika
- Safidio ny vaventy satria maro kokoa ny atodiny (1kg manome farafahakeliny atody 100 000). Ny isan'ny zana-trondro vokatra kosa dia miankina amin'ny fampiharana ny teknika.




## 3. FISAFIDIANANA IREO RAY SY RENINTRONDRO

➤ Raha mampiasa malama sy tsipika dia maty ny 25% n'ny atody

➤ Noho izany dia tsara raha be kirany sy/na miroara no ampiasaina atao lahy sy renintrondro



Karpa miroara misy kirany



Karpa miroara vitsivitsy kirany miendrika malama

**Malama sa miroara?**

➤ Mba tsy hisalasalana manoloana ny karpa malama nefa misy kirany ihany toa miroara (sary eto ambany) dia isaina ny taolamalemin'ny vombony an-damosina ka safidio ny manana isa mihoatran'ny 18.



➤ Hialao ny mampivady ireo trondro misy rohim-pihavanana (mpianadahy na mpianaka).





## 4. FANOMANANA NY DOBO FAMPANATODIZANA


- Ritina sy amainina ny toerana mba hamonoana ny bibikely fahavalo alohan'ny fampanatodizana
- Rano mitsatoka sy mafana kokoa nohon'ny rano nitehirizana ny ray sy renintrondro no ampiasaina
- Asiana talatalana na « kakaban » ametrahan'ny renintrondro ny atodiny (kisiasia, anjavidy na redretra, tsikafona, piassava, sns.)



## 5. FAMPANATODIZANA

- Rehefa manomboka mihamafana ny andro : aogositra-desambra
- Ampifanarahana ny reniny 1 sy ny rainy 2 na 3 : mitovy lanja amin'ny vavy ny fitambarandanjan'ireo lahy 2 na 3
- Tsy omena sakafo mandritra ny fampanarahana
- Kendrena tsy hiovaova ny haavon'ny rano
- Tsy misy biby na trondro hafa ankoatra ireo izay hakana taranaka, mila andro tsara sy filaminana

**Fanamarihana:** Sarahana avy hatrany ny trondro sy ny atody rehefa mitsahatra tsara ny fanatodizana



Fampanatodizana mampiasa vahan-  
korofotra




Fampanatodizana mampiasa redretra

## 6. FAMINDRANA NA NY ATODY NA NY ZANA-TRONDRO

**Fomba roa no azo atao rehefa avy nanatody tsara ny karpa :**

- Na afindra ny atody miaraka amin'ny kakaban
- Na ny ray sy renintrondro no esorina hiala ao anaty toerana fanatodizana ka rehefa foy ny atody vao afindra. Tandremo tsy haloto ny rano ka hanimba ny atody

Raha vao hita fa nanatody ny karpa dia manomana toerana hafa iray na maromaro: lehibebe kokoa (**raha azo atao ny atodin'ny renintrondro iray dia mila toerana 9 ara hahatsara ny taha-pahavelomany**), nohamainina tsara izany vao asiana rano ialàna amin'ny fahavalo, ametrahana mololom-bary hamokarana raotifera ho sakafon'ny zana-trondro foy. (Dingana 7 sy 8)



**Rehefa mamindra ny atodin'ny karpa :**

- Tsy atao azon'andro sy rivotra, tsy esorina amin'ny kakaban (rakofana lamba lena na taterina atao anaty rano)
- Alahatra moramora any amin'ny toerana hamindrana azy ary tandremana tsy hikaso-potaka





## 7. SAKAFO SY FAHAVALO


## 8. FANAMASAHANA

## 9. FITAOVANA FIKIRAKIRANA ZANA-TRONDRO SY TRONDRO

Ambaratongam-pitomboana	Fahavalo	Sakafo	Fanamasahana
<p><b>ATODY</b> 2 ka 4 andro</p> <p><b>FOY</b> <i>Mila rano madio sy be oksizena</i></p> <p><b>OLITRA</b> 2 ka 4 andro</p> <p><i>Misokatra ny vava</i></p> <p><i>Mila sakafo</i></p>	<p><i>Tsingala</i></p>	<p>Tsy mbola mila sakafo saingy mila rano madio be oksizena izy</p>	<p>Fanamasahana ny rano ao amin'ny toerana hanaparihana. Miantoka ny fisiana sy mam-piroborobo ireo sakafo voajanahary avy amin'ny fanafangoana ny mololom-bary sy ny taim-biby ary rano (lasopy).</p>
<p><b>SOHERINA</b> 4 ka 8 andro</p>	<p><i>Tsimalokely</i></p> <p><i>Tsindretra na ondrondriaka</i></p> <p><i>Ondrindrano</i></p>	<p>-Raotifera (bibikely kiritika tsy hita maso) (9-16 andro)</p> <p>-Raotifera + lasopy (17-45 andro)</p> <p>-Raha azo atao, manome fanampin-tsakafo toy ny koba katsaka, kobantsôzà, sns.</p>	<p>Raha atsoboka ao anaty rano ao antanimbary ny felan-tànana hatramin'ny 10sm ka tsy hita maso intsony dia ajanony kely ny fanamasahana sao diso masaka.</p>
<p><b>ZANA-TRONDRO</b></p> <p>0 1 2 3 4 5 6 7 8 9 10mm</p>	<p><i>Lavatsilikona na tsikidireka</i></p>		



- 1. Fandanjana :** Fandanjana ny ray sy renintrondro
- 2. Epoizety :** Ampiasaina amin'ny fakana zana-trondro sy/na fisamborana fahavalo
- 3. Arato :** Ampiasaina hanaratovana trondro sy/na zana-trondro, arakaraky ny haben'ny mason'arato
- 4. Happa :** Lay fikirakirana na fanokanana trondro sy/na zana-trondro, arakaraky ny haben'ny mason'ny lay



**Fitaterana:**  
Fampiasana « sachet » mihidy ary tsy atao mifanery ny zana-trondro.

1 andro mialohan'ny hitaterana azy dia atokana ary tsy omena sakafo ny zana-trondro. Raha lavitra ny hitaterana azy dia solosoloina isan'ora ny rano.